# Fanafainganana ny Asa Famonjena

Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto izay mifandray amin'ny tsirairay amin'ireo sahan-kevitra dimy izay ao anatin'ny asa famonjena:

- Ahoana no ahafahan'ny ezaka ataonao ao anatin'io sahan-kevitry ny asan' Andriamanitra io mitondra ny hafa hanakaiky kokoa ny fitahiana entin'ny famonjena?
- Inona ireo traikefa efa nananaonao ary inona ireo fitahiana izay efa noraisinao rehefa nandray anjara tamin'io sahan-kevitry ny asan'ny famonjen'ny Tompo io ianao?
- Inona no azonao atao mba hitondrana ny anjara birikinao ao amin'io sahan-kevitry ny asan'ny famonjena io, na inona na inona antsonao ao am-piangonana?

### Ny Asa Fitoriana Ataon' ireo Mpikambana

Nampianatra ny Loholona Neil L. Andersen avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo nanao hoe:



"Ry rahalahy sy rahavavy, tahaka ny hanentanan'ny Tompo ny fanahin'ireo misiônera betsaka kokoa mba hanompo dia mamoha ny saina sy manokatra ny fon'ny olon-tsara sy marin-toetra ihany koa Izy handray ny misiônerany. Efa fantatrao izy ireny na mbola ho fantatrao. Ao amin'ny fianakavianao izy ireny ary mipetraka ao amin'ny fiaraha-moninao. Mandalo eo amin'ny lalanao izy ireny, mipetraka eo akaikinao any am-pianarana, ary mifanerasera aminao amin'ny Internet. Ampahany amin'ity fahagagana izay mirongatra ity ianao.

"Raha toa ianao ka tsy misiônera manompo amin'ny fotoana feno manana mari-pamantarana iray mipaingotra eo amin'ny palitaonao, dia izao no fotoana hanoratanao anankiray amin'izany ao amin'ny fonao —soratana araka ny nolazain'i Paoly, 'tsy tamin'ny ranomainty anefa, fa amin'ny Fanahin' Andriamanitra velona' [2 Korintiana 3:3]. . . . Misy anjara tokony hataontsika rehetra amin'ity fahagagana ity" ("Fahagagana izany," *Ensign* na *Liahona,* mey 2013, 78).

### Ny Fihazonana ireo Niova Fo

Hoy ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Tsy maintsy manao izay rehetra azontsika atao izaho sy ianao mba hahatonga ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay hahazo namana sy hankafy ireo fitahiana rehetra izay omen'ny filazantsara.

"Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia efa nampahatsiahy ahy sy anao momba ireo andraikitsika mba ho mpiaramiasa amin'ny Tompo ho fanatanterahana ny drafitra nataony ho an'ny Fiangonana. Hoy ny Filoha Hinckley tao anatin'ny fampitana tamin'ny zanabolana iray:

" 'Ny Tompo dia nametraka teo amintsika ny adidy mba hampianatra ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Hitaky ny ezaka tsara indrindra avy amin'ny misiônera tsirairay—amin'ny fotoana feno sy ny an'ny tsatòka—izany. Hitaky ny ezaka tsara indrindra avy amin'ny eveka, avy amin'ny mpanolotsain'ny eveka, avy amin'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny filan-kevitry ny paroasy izany . . .' ('Find the Lambs, Feed the Sheep,' *Ensign,* mey 1999, 107). Hitaky ny ezaka tsara indrindra avy amin'ny mpikambana tsirairay izany" ("Members Are the Key," *Ensign,* sept. 2000, 10).

### Ny famerenana ireo mpikambana malaindaina

"Ny andraikitsika [amin'ny maha mpikambana antsika] dia ny mandray anjara tanteraka amin'ny fitiavana sy fanompoana ny manodidina antsika—mankahery ny mpiara-miasa iray izay mila fanampiana, manasa ny namanao hanatrika batisa, manampy ny mpiray vodirindrina iray izay efa antitra amin'ny asa fikarakarana ny tokotaniny, manasa mpikambana izay malaindaina iray mba hiara-misakafo, na manampy ny mpiray vodirindrina amin'ny tantaram-pianakaviany. Fomba voajanahary sy mahafaly ahafahana manasa ireo mpikambana malaindaina sy ireo izay tsy miray finoana amitsika mba hiditra ao amin'ny fiainantsika ka ho vokatr'izay dia hiditra koa ao amin'ny fahazavan'ny filazantsara izany rehetra izany. Ny fizarana amin'izy ireo ireo fotoana mahafinaritra sy ireo fotoana masina tamin'ny fiainantsika no mety ho fomba mahomby indrindra ahafahan'ny tsirairay amintsika 'hiasa ao amin' ny tanimboalobo[n'i Jesoa Kristy] ho famonjena ny fanahin' ny olona' (F&F 138:56)" ("Hastening the Work of Salvation," *Ensign,* okt. 2013, 36).

### Ny Asan'ny Tempoly sy ny Tantaram-pianakaviana

Nampianatra ny Loholona Quentin L. Cook avy aomin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe:



"Ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia nandefa antso mazava tsara ho an'ny taranaka vao misondrotra mba hitarika ny dia amin'ny fampiasana ny teknôlôjia ahafahana miaina ny fanahin'i Elia, sy hikaroka ireo razambeny, ary hanatanteraka ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly ho azy ireo. Ny ankamaroan'ireo asa sarotra amin'ny fanafainganana ilay asa famonjena ho an'ny velona sy ny maty dia ianareo tanora no hanao azy." ("Faka sy Sampana," *Ensign* na *Liahona,* mey 2014, 46).

**Fampianarana ny Filazantsara**

"Ny andraikitra hampianatra amim-pahombiazana dia tsy voafetra ho an' ireo izay manana antso ho mpampianatra ihany. Amin'ny maha mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany anao, dia manana ny andraikitra ny hampianatra ny filazantsara ianao. Amin'ny maha ray aman-dreny, zanakalahy, zanakavavy, vady, rahalahy, rahavavy, mpitarika ao amin'ny Fiangonana, mpampianatra, mpampianatra isan-tokantrano, mpamangy isan-tokantrano, mpiara-miasa, mpiray vodirindrina na namana anao dia manana fahafahana hampianatra ianao. Afaka mampianatra an-karihary sy mivantana ianao indraindray amin'ireo zavatra izay lazainao sy ny tenivavolombelona izay zarainao. Ary mampianatra foana amin'ny alalan'ny ohatra asehonao ianao" (*L'enseignement, Pas de Plus Grand Appel: Guide pour l'Enseignement de l'Évangile* [1999], 3–4).

© 2015 AN'NY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA.